23

# NY TAMBIN-TENY

## TANJONA

- Mahay mamaritra ny atao hoe tambin-teny ary mahay mampiasa izany ao anaty fehezanteny.

## LESONA HOTADIDINA

**Inona no atao hoe "tambin-teny"?**

Ny atao hoe "Tambin-teny" dia teny hafa ankoatran'ny EM, L, RF, Zp.

Marihina anefa fa tsy afaka misingana, na mandeha irery ny mpanampy fa tsy maintsy miaraka amin'ny EM, na L, na RF na Zp mba hameno ny dikany, izany hoe: tsy manana hevitra mitokana mazava.

Ohatra:
Tsy mifankahazo mihitsy anefa izy mianaka.
Nafana tokoa ny resak'izy mianaka.
Tezitra mafy ny vahoaka.
Tara foana izy.

- Mipetraka mandrakariva eo aorian'ny teny fenoiny.

**Ny anjara asan'ny tambin-teny.**

Ny tambin-teny dia manalefaka, manamafy na manova mihitsy ny

hevitry ny teny fenoiny

Marihina anefa fa:

→ Tsy azo ampiasaina ho EM, na L, na RF, na Zp ny tambin-teny.

→

Ohatra: Marary foana ilay zaza.
(Tambin-teny mameno ny EM Marary)

**Ny karazana tambin-teny.**

→ mihitsy, loatra, indrindra, ihany, matetika, indraindray, foana, lalandava, tokoa, mafy, mandrakariva…

**Sahanasa 1**

Indreto misy fehezanteny:

F1: Te-hianatra izy androany.

F2: Somary nanahirana ny fandidiana natao.

F3: Nitondra fitaovana avokoa izy rehetra.

F4: I Hery kosa mbola nanadio ny efitranony.

1.Omeo ny anjara asan'ny teny rehetra ao amin'ireo fehezanteny ireo.

2.Asongadino izay teny hafa mipetraka eo alohan'izany ka maneho ny heviny.

3.Lazao ny teny ampiny.

**Sahanasa 2**

1. Omeo ny anjara asan'ny teny rehatra amin'ireto fehezanteny manaraka ireto.

F1: Sosotra mafy I Dada tamin'izany

F2: Nataony tokoa ilay fampanantenany.

F3: Maditra mihitsy io zaza io.

F4: Mandanindany vola izy indraindray.

2. Asongadino izay teny hafa mipetraka eo aorian'izany ka maneho ny heviny.

3. Lazao ny teny fenoiny.

**Sahanasa 3**

Lahatsoratra

Miaina anaty fahantrana lalina ny ankamaroan'ny Malagasy ankehitriny. Mitombo andro aman'alina tokoa ireo tsy manan-kialofana. Tena latsaka anaty fahasahiranana mantsy ny sarambabem-bahoaka. Kodiaran-tsarety anefa, hono, ny fiainana an-tany… Mbola hoavy tokoa ny maraina. Dia hiposaka amin'izay ny anjara masoandron'izy ireo. Ho afa-miarina tanteraka amin'izay ny madinika indrindra. Tsy ho tanteraka anefa izany raha tsy eo aloha ny ezaky ny tsirairay, ary manampy azy ny tena fifampitsimbinana marina eo amin'ny fiarahamonina.

1. Tsipiho avokoa ny mpanampy sy ny tambin-teny rehetra hitanao ao anatin'io ampahan-dahatsoratra io.
2. Avaho anaty fafana izany:

| Mpanampy | Tambin-teny |
|---|---|
| | |